UNIS POUR UN MEILLEUR AVENIR

PROGRAMME D'APPUI AU FINANCEMENT DE L'AGRICULTURE ET AUX FILIÈRES INCLUSIVES AUTOUR D'ANTANANARIVO MADAGASCAR (AFAFI-Centre)

" Fandraisana andraikitra ifotony mikendry famokarana lovainjafy sy sakafo ara-pahasalamana"

DÉVELOPPEMENT INTÉGRÉ, AMÉNAGEMENT ET BOIS-ENERGIE

FANANGANANA FATANA NOHATSARAINA MATI-AC (Meule à Tirage Inversé Avec Cheminée)

FARITANA AMIN'NY TSATOKA EFATRA IRETO REFY IRETO TSY HO DISO. IRETO NY REFY ARAHINA: SAKANY: 1,5M LAVANY: TSY VOAFETRA HAAVONY: 1,2M




APETRAKA IREO TSATOKA MIISA 8 SY IREO DABOKA 4



ALAHATRA MANARAKA NY LAVAN'NY FATANA IREO HAZO MADINIKA MIREFY 1,5M IZAY ATAO HOE LAFIKA



APETRAKA NY HAZO ANOMANANA NY LAVAKA FANDREHETANA IZAY MIREFY 1,5M NY HALAVANY ARY 15 NA 20SM NY SAVAIVONY






REHEFA VOALAVAKA NY TATATRA DIA TAMPENANA RAVINKAZO SY VOVON-TANY EO AMBONY MBA HO TOTOTRA.
VITA IZAY DIA ALAHATRA NY HAZO HO DORANA


FAMETRAHANA IREO TATATRA NA EVENTS

MIISA 5 NY TATATRA KA NY 2 ENY AMIN'NY LOHAM-PATANA FANDREHETANA NY AFO, ATAO MIALA 25SM NY ZORON'NY FATANA




NY 03 ENY AMIN'NY VODIM-PATANA KOSA DIA : NY ROA ANTSISINY IDIRAN'NY RIVOTRA ARY NY IRAY AFOVOANY FIVOAHAN'NY RIVOTRA

ATAO MIFANELANELANA AMIN'NY TATATRA 2 ENY AMIN'NY LOHAM-PATANA NY TATATRA 3 ATY AMIN'NY VODIM-PATANA




FAMETRAHANA TATATRA NA EVENTS

FAMETRAHANA TATATRA NA EVENTS





RAKOFANA RAVIN-KAZO NY FATANA REHEFA VOALAHATRA NY HAZO REHETRA
-
VITA IZAY DIA RAKOFANA VOVON-TANY



MBA HAMPIHENA NY VOVON-TANY AMPIASAINA DIA AZO ATAO NY MANISY HAZO NA BAINGA AMIN'NY SISIN'NY FATANA



TSARA NY LAFAORO RAHA AMBOARINA AMIN'NY BARIKA 200L

VELARINA NY BARIKA DIA DAMAINA MBA HAHITSY TSARA



DIA ASIANA LELANY ROA NY ANDANINY SY NY ANKILANY AVY EO (ATAO MIFANITSY)



AFORITRA HANOME ENDRIKA BORIBORY

TOY IZAO NY REFINY HAAVONY: 1,5M SAVAIVONY: 10 - 15 SM

AZO ATAO NY MAMPIASA VALIHA (BAMBOU) REHEFA TSY MISY BARIKA

ESORINA NY HAZO AMIN'NY LAVAKA FANDREHETANA

SOKAFANA NY TATATRA REHETRA MBA TSY HO FATY NY AFO



REHEFA VOATOTOTRA VOVON-TANY NY FATANA DIA APETAKA NY LAFAORO



IRAY ANDRO AO AORIAN'NY FIREHETAN'NY FATANA VAO APETAKA NY LAFAORO



NY SETROKA FOTSY AMIN'NY VOALOHANY DIA MIDIKA FA MILAMINA TSARA NY AFO

REHEFA MIVADIKA MANGA NY SETROKA DIA BE LOATRA IZAY NY RIVOTRA KA MILA TAMPENANA NY LALAN-DRIVOTRA TANDRIFY NY RIVOTRA MAHERY



TOY IZAO NY ENDRIKY NY FATANA MATI-AC REHEFA VITA



RAHA SENDRA MISY VAKY NY FATANA DIA TAMPENANA AMIN'NY BOZAKA SY VOVON-TANY



MASAKA NY SARIBAO REHEFA TSY MISY SETROKA INTSONY





MANOMANA NY TOERANA MALALAKA AMETRAHANA NY SARIBAO



REHEFA VITA IZANY DIA RAOFINA NY SARIBAO ARY AMPIDIRINA ANATIN'NY GONY

Maître d'ouvrage | Maître d'oeuvre | Opérateurs